# KOLOSIANA 1.9-14 – Mofonaina Zoma 12 Jolay 2024

FJKM ISOTRY FITIAVANA

FIARAHA-MANDINIKA SORATRA MASINA

ZOMA 120724 (KOLOSIANA 1.9-14)

1-NY BOKY

2-FAMARITANA NY TEKSTA

Amin'ireto andininy ireto ny mpanoratra dia mampahafantatra ny Fiangonana ny antom-bavaka ataony ho an'ny Fiangonana ary milaza koa ny asam-pamonjena vitan'i Kristy ka nanaovany fanavotana mba hahazoana famelan-keloka.

3-IREO VOAMBOLANA MANAN-DANJA

31-And 9

311-Fahalalana (epignosis)Fahalalana ambonin'ny fahalalana rehetra :ampiharina sy iainana

312-Sitrapon'AA (thelema)//Maniry,mihevitra : Izay tian'AA,Izay hevitr'AA.

313-Fahendrena(Sophia)Fahaiza-manavaka,Fahaiza-miaina

314-Fahazavan-tsaina(Sunesis) Fahaiza mahatakatra aorin'ny fanadihadiana na fandalinana

32-And 10

321-Mendrika ny Tompo(Axios tou kyrion) :Ny Tompo no tsipika iodinan'ny zavatra rehetra

322-Mahavokatra(Karpophorontes) : tsy mandamoka.mamokatra zavatra miabosy talaky maso.

323-Fahalalana tsara an'AA : Fifandraisana velona sy mavitrika amin'AA.

33-And 11

331-Hampahatanjahina (Dynamoumenoi)Ampitoerina hery ;atao tranon-kery.

332-Herin'ny voninahiny(Kratos tes dokes) herijikan'AA //io no loharanon-kerin'ny mpino

34-And 12

341-Lovan'ny olona masina(Klerou) Fitahiam-panahy sy fiainana mandrakizay

35-And 12 ;13

351-Maizina sy mazava( maizina : Tsy misy mazava) : Hestika no ataon'AA : Manala dia mamindra

36-And 14

361-Fanavotana(Apo/lytrosin) : manafaka tanteraka (Fampisarahana sy fanafahana).Novidiana lafo ny fanafahana :tsy volafotsy na volamena fa ny ran'i Kristy.

362-Famelan-keloka (aphesiv ton hamarton)// manala na manaisotra//apo+ haireo :Maka na mandray na manangona avy lavitra.

FAMPIHARANA FITO :**MIARAHA,**

1-Mivavaka hamantatra ny sitrapon 'AA.
2-Mandeha araka ny sitrapon'AA.
3-Miasa tsara araka ny sitrapon'AA.
4-Mitombo @faharetana sy ny fandeferana ary ny fifaliana
5-Misaotra an'AA noho ny famonjena vitany.
6-Miaina ao @ fanjakan'AA
7-Mijoro ho vavolombelona amin'izay efa nandraisana ny famelan-keloka

Scanné avec CamScanner